REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana
MINISTERE DE L'ECONOMIE ET DES FINANCES

3DC 14
LFI 2021

# TETIBOLA
## HO AN'NY DAHOLOBE




FANGARAHARANA ARA-TETIBOLA

MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

TETIBOLA HO AN'NY DAHOLOBE

FOMBA FAMPIASANA NY VOLAM-PANJAKANA

LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA 2021

TROSA NEKEN'NY FANJAKANA

LAHARAM-PAHAMEHAN'NY FANJAKANA

HETRA SY FADINTSERANANA

Fiaraha-miasa miaraka amin'ny
unicef ho an'ny ankizy

ZARAINA MAIMAIM-POANA - AZO ADIKA SY APARITAKA

## TENY FANOLORANA

Ny fangaraharan'ny tetibolam-panjakana dia anisan'ireo fanamby lehibe ahafahana mametraka ny Fanjakana tsara tantana indrindra amin'ny lafin'ny fitantanana ny volam-panjakana. Noho izany, manohy ny ezaka rehetra hanamorana hatrany ny fahafahan'ny olom-pirenena rehetra mahafantatra ny vaovao mahakasika ny fomba fampiasana ny vola eto amin'ny firenena ny Fanjakana. Ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no tompon'andraikitra voalohany amin'izany. Tafiditra ao anatin'ny izany fangaraharana izany ny fanaovana tatitra ho an'ny olona rehetra tahak'izao. Ity tatitra ity dia mifandraika amin'ny Lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2021.

Ny krizy ara-pahasalamana iraisam-pirenena izay mahakasika an'i Madagasikara ihany koa dia nahitana fiatraikany teo amin'ny lafin'ny fanatanterahana ny tetibolam-panjakana. Natao laharam-pahamehana ny famehezana ny voka-dratsin'ny covid-19 eo amin'ny toekarena, ny fanamafisana ny andrikitry ny vondrom-bahoaka-paritra itsinjaram-pahefana ary ny ady amin'ny tsy fitoviana sy ny fahantrana. Ankoatran'ny fijerena ireo fahasahiranana izay nateraky ny fiparitahan'ny valan'aretina, ity tetibola ho an'ny Daholobe ity dia ahitana ireo zavatra tokony ho fantatra rehetra hita ao anatin'ny Lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2021: ny momba ny hetra, ireo fandaniam-bolam-panjakana sy ny trosa.

Raha fehezina, ity tetibola ho an'ny daholobe ity dia vokatry ny ezaka nataon'ny Fanjakana, ary ny olom-pirenena rehetra no hisitraka azy. Noho izany, manasa ny tsirairay handray anjara feno amin'ny fanapariahana ity boky ity.


## LAHARAM-PAHAMEHANA ANKAPOBEN'NY LFI 2021

| Fanarenana ny toekarena taorian'ny valan'aretina Covid-19 amin'ny alalan'ny famoronana asa | Fanohizana ireo ezaka izay entina hanatrarana ny fampandrosoana ara-tsosialy | Fampiasana mahomby ireo vola azo avy amin'ny loharanom-bola eo am-pelatanana |
|---|---|---|
| **Fanamaivanana ara-ketra** ho an'ny mpandraharaha, **firotsahana ifotony eny amin'ireo tsena**, **fandaniam-bolam-panjakana mahomby** | Sehatra sosialy ao anatin'ny tetibola: **fahasalamana, fampianarana fototra, fampianarana ambony , fandriampahalemana, fitsarana, fisitrahana rano fisotro madio, fahadiovana sy fidiovana, fifehezana ny risika sy ny loza** | **Fanampiana ireo mpandraharaha tanora** amin'ny alalan'ny famatsiana ara-bola sy fanomezana antoka |
| Fandraharahana eny ifotony amin'ny alalan'ny **fandraisana anjara amin'ny tsenam-baro-panjakana** | **Fanatsarana ireo tolotra** omen'ny sampan-draharaham-panjakana amin'ny alalan'ny **fanamafisana ny fahaiza-manao sy ny fanaparitahana ny mpiasa** | **Fanamafisana sy fanatsarana** ny fahaiza-manaon' ny mpiasa eto an-toerana |
| **Fanampiana ara-teknika sy stratejika** ho an'ny sehatry ny angovo | | |

## LOHARANOM-BOLAM-PANJAKANA 2021

- **Hetra anatiny ➋ 3 548,9 lavitrisa Ariary**
  - Fiverenana amin'ny laoniny ny toe-draharaha ara-toekarena tsikelikely
  - Fametrahana ireo fepetra hialàna amin'ny fihiboana
  - Fampiasana ny famadihana ara-kajy mirindra eny amin'ireo biraon'ny hetra
- **Fadintseranana ➋ 2 809,1 lavitrisa Ariary**
  - Fanatsarana ny fe-potoana amin'ny famoahana entana
  - Fiantohana sy fiarovana ireo vola miditra amin'ny Fadintseranana
  - Ady amin'ny fanondranana zavatra na entana antsokosoko


Lavitrisa Ariary



## SOKAJY LEHIBEN'NY FANDANIANA

- **Fandaniana amin'ny fampandehanan-draharaha** ➋ **1 780,6** Lavitrisa Ariary

¬**Fitaovana sy asa** ▸ **436,2** Lavitrisa Ariary
¬**Famindram-bola** ▸ **1 344,4** Lavitrisa Ariary
- Famenoana ny kitapom-bola fisotroan-dronono CPR/CRCM
- Fanampiana ara-bola ny Jirama
- Fandoavana ny faktioran-tsolika ho fampandehanana ny toby famokarana herinaratra mandeha amin'ny solika




- **Fandaniana enti-mamokatra** ➋ **5 495,5** Lavitrisa Ariary

¬**Fametrahana ho laharam-pahamehana ny fotodrafitrasa ho an'ireo Distrika lavitra**
¬**Fanamafisana ny tetibola enti-mamokatra eo anivon'ny vondrom-bahoaka-paritra itsinjaram-pahefana**

## FITSINJARANA ANKAPOBENY NY TETIBOLA ISAKY NY SEHATRA

### MINISTERAN'NY SEHATRA SOSIALY

**MJS - MPPSPF - MESUPRES - MEN - METFP - MinSANP**

LFR 2020: 2 413,8 — LFI 2021: 2 750,5

**Volan'ny sehatra sosialy: 2 750,5 lavitrisa Ariary**

Mihoatra ny 336,7 lavitrisa Ariary raha oharina tamin'ny tetibola fanitsiana 2020

### MINISTERAN'NY SEHATRA FAMOKARANA

**MICA - MAEP - MEDD - MMRS**

LFR 2020: 864,7 — LFI 2021: 862,4

**Volan'ny sehatra famokarana: 862,4 lavitrisa Ariary**

Latsaky ny 2,3 lavitrisa Ariary raha oharina tamin'ny tetibola fanitsiana 2020

### ANDRIMPANJAKANA SY MINISTERAN'NY SEHATRA FITANTANAN-DRAHARAHA

**PRM - Sénat - AN - HCC - PRIMATURE - CFM - CENI - HCDDED CNIDH - HCJ - MID - MINJUS - MAE - MEF - MTEFPLS - MCC**

LFR 2020: 1 828,6 — LFI 2021: 3 802,7

**Vola natokana ho amin'izany: 3 802,7 lavitrisa Ariary**

Mihoatra ny 1 974 lavitrisa Ariary, raha oharina tamin'ny tetibola fanitsiana 2020

### MINISTERAN'NY SEHATRA FILAMINANA

**SEG - MSP - MDN**

LFR 2020: 831,0 — LFI 2021: 910,4

**Volan'ny sehatra filaminana: 910,4 lavitrisa Ariary**

Mihoatra ny 79,4 lavitrisa Ariary raha oharina tamin'ny tetibola fanitsiana 2020

### MINISTERAN'NY SEHATRA FOTODRAFITRASA

**MPTDN - MTTM - MAHTP - MEAH - MEH**

LFR 2020: 1 552,2 — LFI 2021: 1 863,0


**Volan'ny sehatra fotodrafitrasa: 1 863,0 lavitrisa Ariary**

Mihoatra ny 310,8 lavitrisa Ariary raha oharina tamin'ny tetibola fanitsiana 2020

## NY ANTSIPIRIANY MOMBA NY TROSAM-PANJAKANA


- **Ny sorabola hoan'ny trosa ivelany ➜ 528,5 lavitrisa Ariary**
  - Ny renivola : 355,4 lavitrisa Ariary
  - Ny zana-bola : 173,1 lavitrisa Ariary

- **Ny sorabola ho an'ny trosa anatiny ➜ 309,4 lavitrisa Ariary**




## FITOMBOANA EO AMIN'NY SEHA-PAMOKARANA

SEHA-PAMOKARANA **VOALOHANY**




**Fambolena :** 4,2%

**Fiompina sy jono :** 2,3%

**Ala :** 0,9%

SEHA-PAMOKARANA **FAHAROA**




**Fitaovam-panorenana :** 7,4 %

**Indostria Fitrandrahana :** 26,5 %

**Herinaratra, rano ary entona fandrehitra :** 9,4 %

**Indostria mpamokatra sakafo, zava -pisotro sy paraky :** 6,2 %

**Indostria ny lamba :** 5,5 %

SEHA-PAMOKARANA **FAHATELO**




**Trano fandraisam-bahiny sy fisakafoanana :** 4%

**Fitaterana :** 4,5 %

**Sampana Fanorenana (BTP) :** 6,2 %

**Varotra, fikojakojana, fanamboarana :** 3,9 %

**Banky sy fiantohana :** 4,3%

**Fampianarana :** 0,8 %

**Fahasalamana :** 0,8 %

## TONDRO ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA

| | LFR 2020 | LFI 2021 | 2022 | 2023 |
|---|---|---|---|---|
| HAF amin'ny sandany andavanandro (lavitrisa Ariary) | 52 272,9 | 58 845,7 | 65 347,3 | 73 830,5 |
| Fitomboan'ny Harikarena (%) | -3,8 | 4,5 | 5,2 | 6,2 |
| Fisondrotry ny vidim-piainana amin'ny faran'ny taona (%) | 4,5 | 6,3 | 6,2 | 6,1 |
| Fatiantoky ny Tetibola (%n'ny HAF) | -6,0 | -5,5 | -4,1 | -3,0 |
| **Hana-pamokarana (%-n'ny HAF)** | **17,8** | **22,8** | **28,6** | **35,5** |
| Fanjakana (%-n'ny HAF) | 9,9 | 9,4 | 9,1 | 9,6 |
| Tsy miankina (%-n'ny HAF) | 7,9 | 13,4 | 19,5 | 25,9 |

## FANAZAVAN-TENY

**Fanomezana renivola:**
Vola azo avy amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, toy ny banky iraisam-pirenena, ny Tahirim-bola iraisam-pirenena sns. Vola tsy haverina intsony mba ahafahana mahazo na manangana zavatra goavana sy maharitra toy ny trano fianarana, hopitaly, làlana sns.

**Fanomezana tsotra:**
Vola azo avy amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola ho entina hamatsiana ny fandaniana ataon'ny fanjakana amin'ny andavanandro.

**Fatiantoky ny tetibola:**
Tranga rehefa kely noho ny fandaniana ny vola miditra amin'ny fanjakana. Izany hoe, ilay tarehimariky manome ilay tsy fahampiana iny no lazaina fa fatiantoky ny tetibola.

**Fisondrotry ny vidim-piainana:**
Fiakarana ankapoben'ny vidin-javatra mandritry ny fotoana voafetra.

**Hana-pamokarana:**
Fandaniana atokan'ny fanjakana enti-mamokatra ao anatin'ny tetibola ho an'ny taona iray, anaovana asa goavana toy ny fanamboaran-dàlana, sekoly, hopitaly, sns ..., mba ahafahana mampitombo ny harikarena faobe

**Harikarena faobe (HAF):**
Fitambaran'ireo « harena » nahazoana tombony novokarin'ny firenena mandritry ny taona iray ary tondro ampiasain'ny mpikirakira toekarena entiny hamaritana tondro hafa toy ny tahan'ny vola miditra amin'ny fanjakana, ny tahan'ny fandaniana sns.

**Hetra anatiny:**
Fitambaran'ny hetra avy amin'ny fidiram-bola, ny hetra avy amin'ny entana sy raharaha, ny haba sy hetra avy amin'ny fanafarana sy fanondranana ary ny hafa, izay haloan'ny olom-pirenena voakasik'izy ireny eny anivon'ny ivon-ketra. Anisany amin'ny vola ampidirin'ny fanjakana harakitra anaty tetibola mba ho ampiasaina ho amin'ny fandaniana voafaritra, ohatra amin'izany ny fandoavan-karaman'ny mpiasam-panjakana, ny fampandehanana ny raharaha eny anivon'ny ministera sy Andrimpanjakana samihafa sns.

**FOIBEM-PITONDRANA ANKAPOBENY NY FITANTANAM-BOLA SY NY RAHARAHA ANKAPOBENY**
**FOIBEM-PITANTANANA MISAHANA NY TETIBOLA**
Sampan-draharahan'ny Fanavaozana sy ny Fampiofanana
Sampan'ny Fangaraharahan'ny Tetibola
MEF Antaninarenina, Rihana faha 2, Varavarana faha 212
Antananarivo 101, MADAGASCAR
032 11 086 51 – 032 11 067 82
http://www.dgfag.mg/transparence/web
Adiresy mailaka: srf.dtb@gmail.com
ZARAINA MAIMAIM-POANA